REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FAMPITAM-BAOVAO

Androany alatsinainy 21 janoary 2019 dia nisy ny filan-kevitry ny ministra manokana, notarihan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, Andry Nirina RAJOELINA, tao amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha.

Nisy araka izany ny fandraisana ireto didim-panjakana manaraka ireto, izay nenti-nanendry ireo tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika :

- Didim-panjakana laharana faha-2019-013 tamin'ny 21 janoary 2019, enti-manafoana ireo fepetra voalazan'ny didim-panjakana laharana faha-2014-104 tamin'ny 27 febroary 2014 ary anendrena ny sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika, Andriamatoa RAMONJAVELO Manambahoaka Valéry Fitzgerald.

- Didim-panjakana laharana faha-2019-014 tamin'ny 21 janoary 2019, enti-manafoana oireo fepetra voalazan'ny didim-panjakana laharana faha-2014-641 tamin'ny 4 jiona 2014 ary anendrena ny Sekretera Jeneraly Lefitry ny Fiadidiana ny Repoblika, Andriamatoa ANDRIAMAHOLY Onjaniaina Dina.

- Didim-panjakana laharana faha-2019-015 enti-manafoana ireo fepetra voalazan'ny didim-panjakana laharana faha-2018-1404 tamin'ny 24 oktobra 2018 ary anendrena ny Talen'ny Kabinetra Sivilin'ny Filohan'ny Repoblika, Ramatoa DELMOTTE Stéphanie.

Ankoatra izay, araka ny voalazan'ny andininy faha-54 ao amin'ny lalam-panorenana dia nanolotra ny anaran'Andriamatoa NTSAY Christian Louis tamin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, ireo solombavam-bahoaka ao anatin'ny vondrona politika maro an'isa eny amin'ny Antenimieram-pirenena.

- Noraisin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika araka izany ny didim-panjakana laharana faha-2019-016 tamin'ny 21 janoary 2019 anendrena ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta, Andriamatoa NTSAY Louis Christian.

Rariny sy hitsiny raha nohamafisina teo amin'ny toerany Andriamatoa Praiministra, ho fanohizana ny asa efa natombony, sy noho izy namaly ny mason-tsivana nofaritan'ny filohan'ny Repoblika, manana ny fahaiza-manao ara-teknika, ny fahitsiana ary indrindra hentitra eo amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana.